THE SPINALL FOUNDATION

REGISTERED CHARITY NO. 326567

NY TANTARAN'NY INDRI INDRI NA BABAKOTO

Indray andro hono, fony mbola nanan-karena sy natevim-be ny ala, dia lasa nian'ala i Koto sy ny Dadany mba hihaza sy haka tantely. Efa nahazo remby maromaro izy ireo saingy mbola tsy nahazo tantely kosa. Tsy fotoanan'ny tantely moa no niaingan'izy ireo tanaty ala, satria tena mbola mando sy mangatsiaka tao anaty ala, ka sarotsarotra vao mahita. Tampoka anefa nahatazana tranon-tantely amin'ny hazo iray ambony dia ambony. Natahotra ny hianika ilay hazo i Koto noho ny hasarotany, nefa tsy manana tantely ho entina mody isika hoy ny dadany raha tsy maka an'io ka dia nianika ny hazo ihany izy ireo.

Niakatra amin-katahorana, nanaraka ny rainy i Koto ary efa nanomboka nahazo ambonimbony ihany izy ireo. Tampoka anefa dia tapaka ny sampan-kazo niakaran'izy ireo, ka nianjera tamin'ny tany ny Dadany ary maty niaraka tamin'izay.

Niara-nianjera taminy ihany koa i Koto, saingy noho izy maivana dia voatazon'ny sampanan-kazo, saingy naratra sy tapaka ny tongony ary nidona tamin'ny hazo ny lohany koa dia tsy nahatsiaro tena elaela izy. Nony afaka fotoana fohy, rehefa nahatsiaro tena izy, dia indro biby mitafy volo malefaka, manana fijery malemy fanahy ary tanana malefaka toy ny an'ny Olombelona. Nampahery an'i Koto ny fahalemem-panahy henony tamin'ny fikarakarana ny ratrany sy ny fitondrana sakafo ho azy nataon'ity biby ka tsy nahatsiaro tena ho irery izy. Nikarakara azy foana io biby io nandram-pahazony hery ahafahana mandeha mody.

Nobaben'ilay biby namakivaky ny ala, sy mandram-pahatongany teny amoron'ny ala mahatazana ny tananny i Koto rehefa hitany fa niha nahazo hery. Velom-pisaorana i Koto teo am-pijerena ity biby nitsambikina eran'ny ala hamonjy ny fodiany ihany koa.

Rehefa tonga teo an-tanana i Koto dia nandray azy amin-karavoana ny fianakaviany sy ny mpiray tanana aminy satria efa tsy nanatena zy ho velona intsony nohon'ny halavan'ny fotoana tsy nahitana azy sy ny rainy. Ary nalahelo ihany koa izy ireo nahare ny fahafatesan'ny rainy. Rehefa notantarain'i Koto azy ireo ny nataon'ilay biby azy dia samy niaiky izy ireo fa nanana Ray faharoa i Koto

nanana azy. Nanomboka tamin'izay dia nantsoina hoe "Baban'i Koto" ilay biby manana volo malefaka sy tanana mitovy halefahana amin'ny an'ny Olombelona satria Baba no filaza ny Dada teo an-tanàna. Nohon'ny soa nataon'ny Babakoto ho an'i Koto, dia nanafatra ny taranany sy ny mpiray tanàna aminy izy mba tsy hihaza na hamandrika na koa hamono ny Babakoto na oviana na oviana. Izany no antony mbola ahenoana ny Babakoto mihirahira manakaiky ny tanàna matetika.